MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE

# TOROLALANA HO AN'NY MPITANTANA FITARAINANA REDD+



REDD+ MADAGASCAR



Tanjon’ny **Rohy fiasa REDD+** ny hahafahan’ireo vondron’olona ifotony hisitraka tanteraka ny tombontsoa rehetra avy amin’ny tetik’asa. Kendrena amin’izany ihany koa ny mba hisehoan’ny fiaraha-miasa mangarahara, milamina, tsy mitanila eo amin’ny vondron’olona ifotony sy ny mpiandraikitra ny tetik’asa,

Ity tari-dalana ho an’ny **fitantanana fitarainana REDD+** ity dia azo havaozina mba hanaraka ny toetr’andro sy ny zava-misy mba ahafahana hatrany mamaly ny tena filàn’ny vahoaka eny ifotony sy ireo mpiara-miombon’antoka.

## I-FAMARITANA

- Fitarainana : dia fanehoana ny tsy fahafaham-po noho ny tsy fahamarinana na tsy fanajana ny fifanarahana .
- Fitorohana : mifanandrify amin'ny fampahafantarana ny maha meloka ny olona iray noho ny tsy fanajana ny zon'olombelona na ny fanaovana ny marina.
- Fitakiana : dia fangatahana mba hahazoana izay heverina fa hananana zo.

Ankoatra ireo fitoriana telo (03) ireo, ny fiantsoro-mianotra (feeback) dia azo raisina ihany koa.



## II- NY MPITARAINA

Afaka mametraka fitarainana avokoa ireo karazan'olona voalaza etsy ambany ireo:

- Ny olona rehetra, na vondron'olona, na fikambanana, na rafitra voakasiky ny fandaharanasa REDD+ mivantana na ankolaka ;
- Ny manam-pahefana,
- Ny mpitantana sy mpanatanteraka ny tetik'asa REDD+

## III-FOMBA FAMETRAHANA FITARAINANA

Ny fitarainana rehetra na am-bava, na antsoratra dia azo apetraka eny amin'ny birao-panjakana voalaza etsy ambany ary mila raiketina ao anaty

- Kahie fitarainana izay hita eny anivon'ny
- Rejistra firaiketana fitarainana izay hita eny anivon'ny biraom-pokontany, kaominina, CEDD, DREDD, MEDD/BNCCREDD+
- Antso an-telefaona (laharana maitso), SMS, chatbot messenger na mailaka,
- Vata fitarainana : eo anivon'ny Fokontany, Kaominina, DREDD ary MEDD/BNCCREDD+

## IV-IREO KOMITY MPITANTANA FITARAINANA SY NY ANDRAIKINY

Mizara telo mazava tsara ny ambaratonga mpandray fitarainana sy mpamaha olana.

### 1- Eny ifotony :

- Raha eo anivon'ny Fokontany : Ny sefo fokontany, ny Tangalamena, ny présida VOI
- Raha eo anivon'ny kaominina : Ny ben'ny tanàna, ny solontenan'ny mpanolon-tsainan'ny kaominina, ny mpitantana tetik'asa REDD+
- Raha eo anivon'ny Distrika : ny ben'ny ala, ny Tangalamena, ny mpitantana tetik'asa REDD+

**Ireo mpitantana fitarainana eny ifotony dia :**

- Mandray sy mamaha ireo fitarainana tsotra sy mbola azo vahana eny an-toerana
- Manentana sy mampahafantatra ny vahoaka eny ifotony momba ny rafitra fitantanana fitarainana REDD+ (MGP REDD+)
- Manao tatitra momba ny fitarainana voaray sy ny vahaolana naroso eo anivon'ny ambaratongam-pahefana amboniny



## 2- Eo anivon'ny Faritra :

- Ny DREDD, ny mpitantana tetik'asa REDD+

**Anjaran'izy ireo ny :**

- Mandray sy mamaha ireo fitarainana tsy voavaha teny ifotony
- Manara-maso sy manao tombana ary manao fizohiana ny MGP
- Manao tantsoroka raha misy fitoriana niakatra any amin'ny fitsarana
- Manao tatitra momba ny fitarainana voaray sy ny vahaolana naroso eo anivon'ny ambaratongam-pahefana amboniny

## 3- Eo amin'ny sehatra nasionaly :

- MEDD, BNCCREDD+, ny mpitantana tetik'asa REDD+

**Anjaran'izy ireo ny :**

- Mandray sy mamaha ireo fitarainana goavana sy ireo izay tsy voavaha teny anivon'ny faritra
- Manara-maso ireo dingana rehetra tokony harahina isaky ny mamaha olana
- Manara-maso ny fizotry ny famahana olana sy ny fanajana ny fe-potoana natokana hamahana olana isan'ambaratonga
- Fitoriana eny amin'ny fitsarana
- Mitantana ny laharana maitso sy ny tanokala

MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE

## VI- FITANTANANA FITARAINANA

Asa ataon'ny komity mpitantana fitarainana :

- Famenoana fisy
- Fandraiketana ny fitarainana voaray
- Fanasokajiana ireo fitarainana
- Fandefasana ny fitarainana any amin'ny komity tokony hisahana ny famahana olana
- Famotorana sy fanamarinana
- Famahana olana, fanomezana vahaolana, fandraisana fanapahan-kevitra
- Famenoana ny fisy fanjohina
- Fandefasana valiny any amin'ny mpitory
- Fanaraha-maso ny fanatanterahana ny vahaolana naroso
- Fanaovana tatitra



# DRAFITRA FITANTANANA FITARAINANA REDD+

Fandraisana / Fandraiketana ny fitarainana

Fanasokajiana ny fitarainana
Fandefasana ny fitarainana any amin'ny tompon'andraikitra mahefa — 01 andro

Fanadihadihana / fanamarinana / famahana ny fitarainana — 03-08 andro

Fandefasana valin'ny fitarainana any amin'ny mpitaraina — 05-10 andro

*Valiny Mahafa-po*

Fanatanterahana ny fitarainana

*Valiny Mahafa-po*

Fampiakarana ny raharaha any amin'ny sehatra ambonimbony kokoa — 05-10 andro

Fanaraha-maso, tatitra, fitehirizana ny atontan-taratasy

REDD+ MADAGASCAR

# VII- IREO KARAZANA FITARAINANA AZO RAISINA

**Fampiasana loharanon-karena voajanahary**

- Famerana ny fazahoana hampiasa loharanon-karena
- Fandroahana hiala teo amin'ny toerana tsy nisy fepetra manokana
- Fampiasana ny alalana hanao teviala
- Fifanolanana eo amin'ny samy VOI
- Tsy fahampian'ny loharanon-karena tafiditra ao amin'ny zo nentim-paharazana
- Fifindra-monina any anaty ala…

**Tsy fanajana ny teny nomena**

- Tsy fifanarahan'ny filàn'ny mponina sy ny tetik'asa fampandrosoana
- Tsy fisian'ny fepetra manokana noraisina ho an'ireo olona voaelingelina noho ny tetik'asa
- Tsy fahazahoana ireo fanampiana sy ny f anonerana
- Tsy fandraisan'ireo VOI anjara tamin'ny famolavolana ireo tetik'asa fampandrosoana
- Fahataran'ny fanomezana vola na fitaovana ho etina miasa
- Fanonerana tsy mifanaraka amin'ny filàn'ny vahoaka eny ifotony

**Haitondra**

- Tamberin'andraikitra tsy voahaja
- Kolikoly
- Fanararaotam-pahefana sy fisolokiana
- Fahataran'ny famoaham-bola noho ny fahasarotan'ny dingana lalovana
- Tsy fahatokisana ny mpitondra sy ny mpitantana tetikasa
- Fanodikodinam-bola sy fitaovana
- Kiantrano an-trano

**Fampiharana lalàna**
- Fampiasana ny DINA mbola tsy nakatoavina
- Fampiharana ny DINA
- Bokin'andraikitra tsy mazava
- Sazy tsy ampiharina

**Fitanilana**
- Kiantrano an-trano mba hahatafidirana ho mpikambana ao amin'ny VOI
- Fanararaotana fahafantaran'olona
- Fitanilana amin'ny fisitrahana tombontsoa
- Fanilihana ireo vondron'olona tsy mpikambana ao amin'ny VOI

**Ara-tsosialy**
- Tondra-boly
- Valifaty amin'ireo mpitoroka
- Tsy fanajana ny fitsipika anatiny
- Olana eo amin'ny fampiharana ny DINA

**Fomban-drazana**
- Fifaninanana amin'ny resaka Tavy)
- Fanitsakitsahana ny fasana na ireo toerana manan-kasina sy fady
- Toe-tsaina malagasy momba ny fihavanana Manimba fihavanana ny fitorohana olona
- Fanilikilihana ireo olona sahy mitoroka sy mitaraina



## VIII- IREO FITARAINANA TSY AZO RAISINA

Raha tsy azo raisina ny fitarainana dia mandefa taratasy any amin’ny mpitaraina ireo komity mba hampahafanbtarana azy ny antony tsy nandraisana ny fitarainanay.

Ireto avy ny antony mahatonga ny fitarainana iray tsy ho azo raisina :

- Ny fitarainana tsy misy ifa,ndraisany amin’ny tetik’asa REDD+
- Fitoriana rehetra mahery vaika na nampandriana an-tsoratra izay manana tanjona hanimbana olona iray na rafitra iray
- Fitoriana rehetra izay tsy miankina amin’ny tranga na mifototra amin’ny fiampangana tsy misy porofo, lainga na fanalam-baraka;
- Fitoriana rehetra mifototra amin’ny fironana na tsia amina vondrom-poko iray na mamely olona iray noho ny fiaviany na ny firazanany;
- Fitoriana rehetra izay mandika lalàna

## IX- FITEHIRIZANA NY FITORIANA SY VALINY

Ny taratasy rehetra momba ny rafitra fitantanana fitarainana REDD+ dia tehirizina ao amin’ny Fitaleavam-paritry ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovain-jafy avokoa.

- Misy koa ny fitehirizana arakajy mirindra amin’ny alalan’ny Rafitra Fampahalalam-baovao mikasika ny Fandaharanasa REDD+(SIIP). Hita ao avokoa ny mikasika ny fitoriana voaray, ny vahaolana ary ny fizotran’ny famahana fitarainana.

## X- FAMAHANA OLANA SY FAMARANANA NY FITANTANANA FITARAINANA

Ny famahana olana dia tokony hotanterahina sy hofaranana ao anatin’ny 30 andro ao aorian’ny nandraisana fitarainana mitombina.